## Fiarovana ny tontolo iainana

# Manana birao eto Antananarivo ny « Ades »

Manomboka izao, dia manana ny masoivohony eto Antananarivo ny *«Ades»* na ny *«Association pour le développement de l' énergie solaire Suisse - Madagascar»*, satria notokanana ny trano hiasany etsy Ambohijatovo ambony. Ramatoa Andriamalala Naomy no tale misahana azy io ary ho mpandrindra nasionalin' ny fikambanana *«Ades»* ihany koa manomboka izao. Mihamaro hatrany ny olona mampiasa ny fatana mitsitsy sy ny fatana mandeha amin' ny herin' ny masoandro ankehitriny. Io moa, dia noho ny ezaka nataon' ny fikambanana. Efa 12 taona nahateo no nijoro ny *«Ades»*, ka tany Toliary no nijoroany. Noho ny fahatsapan'



ny fikambanana ny tsy maintsy hampiasana ny hazo eo amin' ny fiveloman' ny olombelona andavanandro no nahatonga azy ireo nitady hevitra amin' ny fampihenana ny fampiasana ny kitay sy ny arina, ka namoronany ny fatana mitsitsy. Tahaka izany koa, noforonina ny fatana mandeha amin' ny herin' ny masoandro saingy noho io natokana ho amin' ny antoandro ihany dia tsy maintsy ilaina hatrany ny kitay na ny arina satria rehefa alina, tsy afaka ampiasaina ny fatana mandeha amin' ny herin' ny masoandro. Miezaka amin' ny fiarovana ny tontolo iaiana ity fikambanana ity, ka tsy mijanona fotsiny amin' ny fivarotana ireo karazana fatana mitsitsy sy mampihena ny fampiasana ny hazo, fa manabe sy mitaiza ny rehetra hiaro ny tontolo iainana ihany koa. 7 ankehitriny ny masoivohony manerana ny Nosy ary miara - miasa amina mpivarotra 16 izy ireo amin' ny fanaparitahana ireo vokatra vokariny.

**Ma**